# NY FANITA-POTOTENY – NY TSOFOKA

## TANJONA

- Manavaka ny tsirin-teny fanita -pototeny sy tsofoka amin'ireo tsirinteny hafa:
- Mamolaka ny fiforonan'ny sampanteny amin'ny ankapobeny.

## LESONA HOTADIDIANA

**I. NY FANITA-POTOTENY**

Misy fotoana tsy afaka tovonana na tovanana avy hatrany ny fototeny. Miteraka fitsiriana feo vaovao ao anatiny izay. Izany no antsoina hoe fanatsaram-peo ( -s- ;-z- ;-v-; -n-).

Ohatra: la la -v- ina Aza lavina ny fangatahako.

Ny fanita-pototeny dia fanatsaram-peo ampiana zanapeo. Mety ho -an-; -az-; -av- izany.

Ohatra: Ampo ampo-iz-ina Ampoizina ny fihavian'ny orana amin'izao fotoam-pahavaratra izao.

**II. NY TSOFOKA**

**A. Famaritana**

Ny tsofoka dia ireo tsirin-teny ao aorian'ny renifeo voalohany ao amin'ny teny itsofohany.

**B. Karazany**

Misy roa ny karazana tsofoka:

- 1. Ny tsofoka fanatevenana fototeny: mipetraka ao aorian'ny renifeo voalohany amin'ny fototeny, ary feo roa hatrany (zanapeo

arahina renifeo.

Ireo tsofoka fanatevenana fototeny fahita matetika: -al-; -ar-; -om-; -in-; -il-; -ir-; -or-; -ot-

Ohatra:

| | | |
|---|---|---|
| -al- | t -al- esaka | Namaky vilia talesaka ny saka. |
| -om- | s – om – ary | Somary sahirana aho izao. |
| -in- | f -in- aritra | Finaritra ny ankizy nahazo fanomezana. |

• 2. Ny tsofoka fanatevenana tovona mivaky: mipetraka eo anelanelan'ny vakiny miova sy vakiny tsy miova.

Ohatra:

| | | |
|---|---|---|
| -amp- | m-amp-a-tory | Mampatory ilay tantara. |
| -if- | m-if-an-dimby | Mifandimby mihira ny ankizy. |
| -ifank- | m-ifank-aha-lala | Mifankahalala izy ireo. |
| -ifamp- | m-ifamp-a-toky | Mifampatoky izahay mianadahy. |

**Sahanasa 1**

Indro misy teny vitsivitsy :

- Tomany
- Homana
- Renesina
- Mampanjaitra

1. Rasao ireo teny ireo ka omeo ny fototeniny sy ny tsirin-teny ao anatiny.
2. Lazao ny karazana tsirin-teny hita isaka ny teny. Porofoy ny valinteninao.

**Sahanasa 2**

1.Amorony teny amin'ny alalan'ny fampiasana tsirin-teny fanitapototeny sy/na tsofoka ireto fototeny ireto.

2. Avy eo, ampiasao ao anaty fehezanteny ilay teny.

Jery: ………………………………………………………………

Tombana: ………………………………………………………………

Tady: ………………………………………………………………...

Sasa: ………………………………………………………………...

Tia: ………………………………………………………………...